



Izy no Razanamalala Marie Eliane nanambara fa : *"Tany raiketan'ny fony ka tsy hamelany intsony"*. Ilay tany fantatra amin'ny anarana hoe "Parcelle 116" ao Ambohimailala no resahiny.

Raha toa ka mba tsapain-tànana ny fanovana (eo amin'ny lafin'ny tsara) ao amin'ny sampan'ny fanànan-tany (*"Service des Domaines")* dia toa mbola rakotry ny fakam-panahin'ny lava tànana mitondra malety ihany ny eo anivon'ny Tribonaly ao Anosy ao. Ity lahatsoratra ity dia karazana fanaovana vavolombelona ny tranga hitako sy niainako tao amin'ny fokontanin'ny Masinandriana. Araho tsara ny tantara fa tena... mahagaga.

Tsy vao izao mihitsy aloha no nisy fangalaran-tany avo lenta eny amin'iny faritra iny. Tsaroan-tsika no nitranga tamin'ny fianakavian'i Tintin Ravonison sy ny an'i Gégé Rasamoely, fony fitondrana Rajaonarimampianina sy Hvm... Rehefa lany Filoham-pirenena anefa i Andry Rajoelina dia velom-bolo ny daholo be fa hanomboka ny tena hoe fampiarana ny tena Tany tan-dalàna (*"Etat de droit"*) sy ny Ady amin'ny koliloky (*"Lutte contre la corruption"*). Ary efa nisinisy ihany ireo nigadra na noroahina tamin'ny asany, izay tafiditra amin'izany baiko izany eo anivon'ny sampam-panjakana rehetra misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana.




Io no anaran'ilay dosie mikasika ilay tany nangalarina eny Ambohimailala. Nangalarina satria tena misy tompony ara-dàlana kanefa modiana tsy fantatra

Mbola misy ihany anefa no sahy mangalatra tsotra izao ny tanin'olona satria vadim-bazaha ka manam-bola be afahany mividy izay mety ho vidiany. Ary dia miseho manara-dalàna kanefa tsy

misy mandeha amin'ny laoniny daholo na ny fomba ataony eo anatrehin'ny lalàna (*"procédure"*) na ny fomba fihetsika mitomany mpanefoefo be sy ny fiteny mieboebo manambany olona. Ilay tany resahina dia izao no anarany voasoratra ao amin'ny
*"Domaines"*
:
*"Ambohimailala, BH, Parcelle 166, Rejistra 01, Takelaka 77"*
mirefy 13A 66 Sa
*.*
Ny anaran'ny tompony, izay efa nodimandry dia: Razanadranto sy Rasoanandrianina. Fito no isan'ny mpandova hita ao amin'ny
*"acte de notoriété"*
ka ny iray dia mbola velona ary 82 taona amin'izao fotoana izao. Mbola tsy nisy nikitika mihitsy io tany hatramin'izay nahalasan'ireo razambe ireo.

Fa nanomboka ny volana jona 2019, dia tazana mivezivezy teny io Razanamalala Marie Eliane io ary dia tonga tokoa ny fahagagana... Eny an-toerana dia misy an'i Ramatoa Ramary izay mipetraka teny amin'ny manodidina nanomboka ny taona 1968 ary nahalala tsara ny tena tompon'ireo tany eny. Tamin'izany izy no efa nomen'ireo alalana hanajary. Izany hoe namboly sy niompy toa tompon-tany fa tsy tompony mihitsy. Raha ny marina izany dia tokony io Ramary io no nangataka ny atao hoe
*"prescription acquisitive"*
(Fanamaintisa-molaly no azo andikana azy) -na koa USUCAPION ho an'izay nianatra làlana-satria nandritra ny 30 taona mandilatra lavitra izy
sy ny taranany no nahamaintimolaly ny tany manodidina io atao hoe
*"Parcelle 166"*
io.

Fa tsy nisy telo volana anefa dia natafatsangana fefy biriky avo be manodidina io *"Parcelle 166"* io ity Marie Eliane ity ary nasiany vavady mainty be makadiry tsy hafahan'ny olo-kafa miditra ao. Tsy norarahiny mihitsy ireo taratasy avy any amin'ny solontenam-panjakana ao amin'ny Kaominina ambanivohitra Ankadikely Ilafy, Antananarivo Avaradrano, ka mandrara azy tsy hanangana fotodrafitr'asa eo amin'io tany io, izay fitohizan'ny fanohanana in-telo miantaona nalefan'ny mpandova ny 11, 16 ary ny 20 Septambra 2019. Ny 19 Novambra 2019 moa dia nandefa taratasy tany amin'ny Lehiben'ny Sampan-draharan'ny Fananan-tany mivantana ireo mpandova ireo izay mampahatsiahy ihany koa f'efa nisy peta-drindrindra (
*"affichage"*
) tany amin'ny biraon'ny Kaominina Ankadikely Ilafy milaza ny fanohanana izay fotodrafitra rehetra kasaina atao, avy any amin'ny tena tompon-tany dia ireo mpandova, taranak'i Razanadranto sy Rasoanandrianina.







Ambohimailala, 19 Novambra 2019. Ny taranaky ny tompon'ny tany, izay mpandova sy ny ambulance nitondra ny solo-tenam-panjakana, niandry adiny telo ireo iraky ny Tribonaly. Ery ambony ery ilay fefy makadiry natsangan'i Razanamalala Marie Eliane tsy [illegible]







Ireo izany ny fanajariana vitan'i Razanamalala Marie Eliane, teo anelanelan'ny taona 1998 sy izao 2019 izao. Sao kosa ary tsy fantany [illegible]




Io mipetraka afovoany io i Ramatoa Ramary efa teo amin'ny toerana io nanomboka ny taona 1968 ary nahalala tsara an'ny tena tompon'ny tany. Inona marina no anjarany amin'izao hala-tany avo lenta izao? Maninona no tsy nampilaza ireo taranaka izay fantany ? Izy ve no *"nivarotra"* ny tany ka amin'ny fomba ahoana? Tsy ho afa-bela izy. Ny zanany no nanangana ilay trano ao anatin'ilay fefy [illegible]